Ny maha akaiky indrindra ny Tompo amin'ny mpanompo dia amin'ny matonalina

Tatitra azo avy amin'i Abou Omama niteny izy : Nitantara tamiko i Amro bin Abasa (R.A) nandre an'ny Mpaminany (S.A.W) izy niteny manao hoe : "Ny maha akaiky indrindra ny Tompo amin'ny mpanompo dia amin'ny matonalina, koa raha afaka ny ho isan'ireo izay mahatsiaro an'I Allah amin'izany ora izany ianao, dia aoka hanao izany".

[Mari-pototra] [Notantarain'i Abo Daòd, Al-Tirmizì ary Al-Nasàì]

Milaza ny Mpaminany (S.A.W) fa ny fotoana maha akaiky indrindra ny Tompo amin'ny mpanompo dia ao amin'ny ampahatelon'ny alina farany. Ka raha nohamevanina amin'izany ianao – ry mpino – sy afaka ho isan’ireo mpanao fanompoana, mpivavaka, mpahatsiaro ary mpibebaka amin’io fotoana io, dia zavatra tokony hararaotina izany sy hanaovana ezaka.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3236